## LITANIAN'NY FO MASIN'I JESOA


• Tompo ô, mamindrà fo aminay,
• Kristy ô, mamindrà fo aminay,
• Tompo ô, mamindrà fo aminay,
• Kristy ô, henoy izahay,
• Kristy, ekeo ny fangatahanay,

• Andriamanitra Ray any an-danitra, ***mamindrà fo aminay.***
• Andriamanitra Zanaka Mpanavotra ny olona...
• Andriamanitra Fanahy Masina…
• Andriamanitra tokana olona telo…

• Ry Fon'i Jesoa, Zanaky ny Ray mandrakizay ô, ***mamindrà fo aminay.***
• Ry Fon'i Jesoa, izay noforonin'ny Fanahy Masina tao an-kibon'ny Reny Virjiny …
• Ry Fon'i Jesoa, zay miray tena amin'ny Tenin'Andriamanitra…
• Ry Fon'i Jesoa, be fahandrianana indrindra…
• Ry Fon'i Jesoa, Tempoly masin'Adriamanitra…
• Ry Fon'i Jesoa, izay itoeran'ny Avo indrindra…
• Ry Fon'i Jesoa, Tranon'Andriamanitra sy varavaran'ny lanitra…
• Ry Fon'i Jesoa, mirehi-pitiavana…
• Ry Fon'i Jesoa, henika fahamarinana sy fitiavana an'Andriamanitra…
• Ry Fon'i Jesoa, feno hazavam-po sy fitiavana ana…
• Ry Fon'i Jesoa, izay endrehin'ny hatsaram-panahy rehetra…
• Ry Fon'i Jesoa, mendrika hankalazaina indrindra…
• Ry Fon'i Jesoa, mpanjaka sy mpitarika ny fo rehetra…
• Ry Fon'i Jesoa, fitoeran'ny rakitry ny fahendrena sy ny fahaizana rehetra…
• Ry Fon'i Jesoa, izay isian'ny fomban'Andriamanitra…
• Ry Fon'i Jesoa, izay nankasitrahan'ny Ray indrindra…
• Ry Fon'i Jesoa, izay iavian'ny soa rehetra ho anay…
• Ry Fon'i Jesoa, izay nirin'ny Patriarka sy ny Mpaminany…
• Ry Fon'i Jesoa, be fandeferana sy famindram-po…
• Ry Fon'i Jesoa, mpanome be an'izay miantso anao…
• Ry Fon'i Jesoa, loharanon'ny fiainana sy ny fahamasinana…
• Ry Fon'i Jesoa, onitrin'ny fahotanay…
• Ry Fon'i Jesoa, tototrin'ny fanevatevana…
• Ry Fon'i Jesoa, torotoro noho ny helokay…
• Ry Fon'i Jesoa, nanaiky ambara-pahafaty…
• Ry Fon'i Jesoa, notrebonin'ny lefona…
• Ry Fon'i Jesoa, loharanon'ny fanalana alahelo rehetra…
• Ry Fon'i Jesoa, izay mampiaina anay sy manangana anay ho velona…
• Ry Fon'i Jesoa, izay mampiadana anay sy mampiavana anay amin' Andriamanitra…
• Ry Fon'i Jesoa, sorona ho an'ny mpanota…
• RY Fon'i Jesoa, vonjin'izay miankina aminao…
• Ry Fon'i Jesoa, fanantenan'izay miala aina ao Aminao…
• Ry Fon'i Jesoa, hafalian'ny Olomasina rehetra…

• Ry Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manala ny fahotan'izao tontolo izao,
***hadinoy ny fahotanay, ry Tompo!***
• Ry Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manala ny fahotan'izao tontolo izao,
***ekeo ny fangatahanay ry Tompo!***
• Ry Zanak'ondrin'Andriamanitra Izay manala ny fahotan'izao tontolo izao,
***mamindrà fo aminay ry Tompo!***

Ry Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra sy mandrakizay, mba tsinjovy ny Fon'ny Zanakao malalanao sy ny fiderana ary ny fanonerana atolony Anao ho an'ny mpanota.Aoka hampionona ny hatezeranao izany; ary avelao ny helok'izay mangataka ny famindram-ponao, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Zanakao, ILay velona sy manjaka amin'ny taona rehetra mandrakizay. Amen!




Rev. Mompera Amilcare Boccio

*Piccole Figlie del Sacro Cuore di Gesú*
*Via Mons. Amilcare Boccio - 15045 SALE (AL)*
*Tel. 0131/ 84184 - 84058*
*www.piccolefigliedelsacrocuoredigesu.it*

**Ry Fo Masin'i Jesoa, mitsaoka anao aho, ary manolotra anao izay asako rehetra amin'ity ora ity ho an'ny fanjakanao, dia ilay fanjakan' ny rariny, fanjakan'ny fahamarinana, fanjakan'ny fitiavana sy ny fiadanana.** *(Averina isaky ny ora)*

**Ora fifohazana:** – "Iraho ho ahy ny Fanahinao Masina mba hanazava ny saiko ary hanamboatra ny foko ho trano honenanao; omeo ahy sy ny olon-drehetra ny finoana velona arahin'asa sy ny fitiavana miredareda Anao sy ny namana."

***Voninahitra anie…***

**Fo Masin'i Jesoa, tia anao aho, avia ato amiko, omeko anao ny foko, omeo ahy ny anao, matoky anao aho.** *(Averina isaky ny ora)*

**Amin'ny 7:** "Entanim-pitiavana lehibe ny Reninao Masina aho, koa omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fahasambaran'ireo madio fo mahita an'Andriamanitra."

**Amin'ny 8:** "Omeo ahy sy ny olon-drehetra, amin'ny alalan'i Md.Jôsefa Ray Mpitaiza sy Mpiaro Anao, ny Fanantenana lalina ny haren'ny fahasoavanao, indrindra amin'ny andro hahafatesanay, ary ny fiankinana amim-pitokisana amin'ny Fitondranao Masina."

**Amin'ny 9:** "Noho ny Fitiavana nanetrenao tena ho teraka tao an-tranon'omby tao Betlehema, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fanetren-tena lalina sy marina tokoa."

**Amin'ny 10:** "Noho ny Fitiavana nanekenao an'i Maria sy i Jôsefa tao an-trano tao Nazareta, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny hatsaram-panahin'ny fanekena lavorary".

**Amin'ny 11:** "Noho ny Fitiavana niadianao aina tamin'ny fivavahana tao Getsemany, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fahasoavana hivavaka mandrakariva amim-panetren-tena sy amim-pitokisana ary amim-paharetana."

**Amin'ny 12:** "Noho ny Fitiavana nanekenao ny fikapohana ny tenanao tsy manan-tsiny, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fahasoavana hanatanteraka mandrakariva ny fampijalian-tena kristianina sy ny tsy firaiketam-po amin'ny zavatry ny tany."

**Amin'ny 13:** "Noho Ianao nosatrohana fehiloha tsilo, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny hatsaram-panahin'ny hamoram-po amin'ny fifandraisana amin'ny namana."

**Amin'ny 14:** "Noho ny Fitiavana nilanjanao ilay Hazofijaliana mavesatra, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fahasoavana hitondra amim-pinoana izay hazofijaliana rehetra eo amin'ny fiainana."

**Amin'ny 15:** – "Noho ny fahafatesanao teo ambony Hazo Fijaliana, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny hafanam-po lehibe handresy ny fakampanahy rehetra sy hifarimbona amin'ny fikasam-pamonjenao."

**Amin'ny 16:** "Noho ny Fonao Masina notrefonin-defona, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fahatokisana tsy misy fetra ny fitiavanao be indrafo. "

**Amin'ny 17:** "Noho ny fijalian'ny Maria Reninao feno alahelo teo am-pototry ny Hazo Fijaliana, omeo ahy sy ny olon-drehetra ny hatsaram-panahin'ny faharetana eo anatrehan'ireo izay mampijaly anay."

**Amin'ny 18:** "Noho ny fitalahoan'ny Arkanjely Masina Gabriely, Masina Misely sy Masina Rafahely, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny hatsaram-panahin'ny faherezana sy ny zotom-po tsy mahalala sasatra hiasa ho an'ny Fanjakanao."

**Amin'ny 19:** "Noho ny fitalahoan'i Mb.Marguérite Marie, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fahasoavana hahatakatra ny Fitiavan'ny Fonao izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra."

**Amin'ny 20:** "Noho ny Fitsangananao tamin'ny maty amim-boninatra, dia omeo ahy sy ny olon-drehetra ny fahasoavana ho ateraka indray ao amin'ny famindram-ponao lehibe."

**Alohan'ny hiala sasatra:** "Ry Fo Masin'i Jesoa, mitsaoka anao aho, ary atolotro Anao amin'ny alalan'ny Anjely Mpiambina ahy ny fialan-tsasatry ity alina ity. Levony amin'ny Fitiavanao ny fahotana rehetra, ary manjakà ato amiko sy ao amin'ny fon'ny olon-drehetra."